LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA AVRIL 2022 N° 018

# PASKA FANAMBARANA !

## « Ary Jesoa nandidy anay hitory amin'ny olona ka hanambara fa Izy no voatendrin'Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty » (Asa 10.42)

Faly miarahaba anao tratry ny andro firavoravoan'ny kristiana izahay, dia ny Paska izany ! Efa nitsangana tamin'ny maty marina tokoa ny Tompo Jesoa ary vavolombelona nanambara izany ireo mpianany izay nanatri-maso Azy mivantana (Lioka 24.34). Tsy hitantsika maso ireo mpianatra ireo fa ny soratra navelany kosa no tonga vavolombelona manambara izany vaovao mahafaly izany ho an'ny olona rehetra (jereo, Jaona 20.30-31). Ary mitohy ny fampielezana izany vaovao lehibe izany amin'ny alàlan'ny mino sy ny fiangonana mandra-piverin'i Tompo (jereo, Matio 24.14). Nahoana ?

### FANAMBARANA TSY MISY TOA AZY

Noho ny tekinolojia izay manafaingana ny fifandraisana dia samy mahazo vaovao amin'ny alàlan'ny tambanjotram-piarahamonina (réseaux sociaux) ny olona rehetra. Tafiditra ao anatin'ny tontolon'ny fifaninana ihany koa ny fampielezana ny vaovao, tahaka ny entam-barotra, mba hahazoana mpanjifa (consommateur). Vokatr'izany, izay matanjaka amin'ny fampielezana ny dokam-barotra no tena mahazo vahana. Ary tamin'ny andron'i Jesoa dia efa nisy ny « fake-news » nataon'ny mpitondra fivavahana noho ny tsy finoany ny fitsanganan'i Tompo (Matio 28.11-15, vola be mihitsy no nolaniany tamin'izany).

Zava-dehibe ity fanambaran'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao ity ka mila ny fitoriana azy haingana sy amin'ny fomba mahomby tokoa (Matio 28.18-20).

Ny fitsanganan'i Jesoa ka nandreseny ny fahafatesana no fototry ny finoana kristiana (1 Korintiana 15.17-18). Ary tsy avy amin'ny asan'ny olombelona izany fa avy amin'Andriamanitra kosa (Asa 4.10). Koa ny mino rehetra dia misantatra izany fitsanganana amin'ny maty izany ao amin'i Kristy (Kolosiana 3.1). Tsy ny teniny ihany no mitory an'i Kristy nitsangana tamin'ny maty fa ny tenany sy ny asany indrindra koa no itarafan'ny olona ny fiainany vaovao izay miombona amin'Andriamanitra (2 Korintiana 5.17). Izany no hevitry ny teny hoe « fanambarana » eto, na « vavolombelona ». Ny teny na ny hevitra entin'ny olona dia mety mahataona ihany rehefa tsara lahatra, fa ny fiainany kosa no mahasarika ny olona kokoa ka halainy tahaka avy eo (1 Korintiana 11.1 / Filipiana 3.7).

### DIDY FA TSY FIANGAVIANA VELIVELY NY FITORIANA NY FILAZANTSARA

Mpanara-dia an'i Kristy no hevitry ny anarana hoe « kristiana ». Avy amin'ny teny grika hoe « kristos » izany, midika hoe : « voahosotra » (consacré). Ary ny olom-boahosotra tao amin'ny Testamenta taloha dia ny Mesia (teny hebreo, « mashiah »), toy ny Mpisorona sy ny Mpaminany ary ny Mpanjaka. Hita tao amin'i Jesoa ary notanterahiny avokoa ireo asa mesianika ireo (Jaona 1.41 / 4.25-26 / Asa 4.27). Porofon'izany ny fitsanganany tamin'ny maty (Matio 28.5-18). Tsy tamin'i Pilato na tamin'ny lehiben'ny mpitondra fivavahana jiosy (synedriona) no nisehoan'i Jesoa rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy, fa tamin'ireo mpianany kosa izay nantsoiny ho vavolombelony. Manohy ny asa mesianika izy ireo araka izany : « vavolombelon'ny fitsanganan'i Tompo ». Hoy i Jesoa Kristy : « izay mino Ahy, ny asa ataoko no ataony koa » (Jaona 14.12).

Toy ireo didy rehetra ao amin'ny baiboly dia anankiray amin'izany ny fitoriana ny Filazantsara. Tsy ankifidy ny fanaovana azy (non facultatif) satria tsy maintsy ataon'ny mino tahaka ny (a)didy rehetra izany. Ireto àry no antony:

#### *a) Handalo fitsarana ny olona rehetra*

Ny olo-meloka no mandalo fitsarana ary Andriamanitra no mitsara (1 Samoela 2.10). Tsy misy manao ny marina ny olombelona ka dia hiharan'ny fitsaran'Andriamanitra daholo (Romana 3.10). Ny fahatongavan'i Jesoa Kristy TOHINY PEJY 2

# PASKA FANAMBARANA ! (TOHINY )

tety an-tany no fanombohan'ny fitsaran'Andriamanitra (Asa 17.31). Hanome fiainana ho an'ny olona anefa no antony (Jaona 3.17 / 5.22-27). Ny famelan-keloka omeny no manafoana ny fanamelohana ny olona mpanota : « ary tsy misy fanamelohana ho an'izay rehetra ao amin'i Kristy Jesoa » (Romana 8.1). Tsy fitsarana hampatahotra ny mino araka izany no mitranga fa fanamelohana ho an'izay tsy mino kosa (Jaona 3.18b-19). Izany no andidiana ny mino mba hitoriany ny Filazantsara tsy misy hatak'andro satria mahonena azy ny fahafatesan'ny hafa (1 Korintiana 9.16).

***b) Olon'afaka izay mino***

Afaka tamin'ny fangejan'ny fahotana izy satria ilay devoly mpamatotra mihitsy no voagadra (Jaona 16.11). Tsy ailika amin'ny fanahy ratsy ihany anefa ny fandikana ny didin'Andriamanitra satria tompon'andraikitra amin'izay ataony ny olona. Koa ny finoana an'i Kristy no manafaka ny olona amin'ny gejan'ny ratsy (Jaona 8.36). I Kristy miditra ao amin'ny fiainan'ny mino no manampy azy hamaha ny fatotra mahazo azy ka hitomboany amin'ny fahasoavana sy ny asa tsara rehetra (Jaona 15.4). Olon'afaka manao ny tsara isika mino araka izany (Galatiana 5.1). Manomboka amin'ny fanolorantenany ho an'i Tompo izany (Romana 12.1). Koa araraoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao (Efesiana 5.16).

Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra, ary ho amintsika rehetra ny fiadanany !

Past Jean Teddy Ramaherijaona

## VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA / FITALAHOANA (PRIÈRE D'INTERCESSION)

« Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana lavorary rehetra dia avy any ambony, ka midina avy amin'Andriamanitra Ray… Be ny vokatra, fa ny mpiasa hamory no vitsy. Koa angataho ny Tompom-bokatra mba haniraka mpiasa hamory ny vokany » (DIEM, Jakoba 1.6 / Matio 9.38)

### FANAZAVANA MIALOHA (PRÉAMBULE) :

Efa samy manao vavaka fangatahana izay mahazatra azy avy ny fiangonana tsirairay momba ny tsy fahampian'ny Mpitandrina eto amin'ny sahan'ny FPMA. Fa atao kosa izao vavaka izao ho mariky ny fiombonam-po amam-panahy mba ho saina iray sy vava iray tokoa no hiarahantsika mankalaza an'i Tompo (Romana 15.6).

Misy zavatra anankiroa araka izany no hanentanana antsika mba hampidirina ao anatin'ny vavaka fisaorana sy fangatahana ankoatr'izay mahakasika ny fiainam-piangonana manokana, dia ireto :

■ Fanolorantenan'ny mino tsirairay avy izay azo tsapain-tanana amin'ny fahaizana manome sy ny fahazotoana mahafoy vola aman-karena ho amin'ny asan'Andriamanitra

■ Fangatahana mpiasa eo amin'ny tanimbolin'i Tompo

### AMBETIM-BAVAKA (INTENTIONS DE PRIÈRE) :

Anao Tompo ô ny zavatra rehetra sy izay rehetra eo aminy, koa mampianara anay mba hahay hanolotra ny tenanay ho Anao. Omeo anay ny fo matoky ny fitondranao izay hahazoanay mahafoy vola aman-karena sy fotoana ary hery mbamin'ny tanjaka ho fanohanana ny asa fitoriana ny Filazantsaranao.

Be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy hoy Ianao...ka mangataha amin'ny tompon'ny vokatra....Koa dia mangataka Aminao izahay mba hanirahanao mpanompo araka ny fonao ho an'ny fiangonana. Mba tahio re ny ezaka ataon'ny Fiangonanao mandra-pihavinao amim-boninahitra… (Amen)

A Toi Seigneur appartient le monde et tout ce qu'il contient, apprends-nous à nous offrir à Toi. Donne-nous un cœur confiant en ton accompagnement pour pouvoir donner de l'argent, du temps, de l'énergie au service de ton évangile.

Tu nous as révélé que la moisson est grande mais peu d'ouvrier pour la rassembler, et qu'il faut prier le Père pour qu'Il envoie des serviteurs au chantier. Seigneur, envoie-nous des pasteurs selon ton cœur pour l'Eglise ! Soutiens les efforts de chaque assemblée en attendant ton retour glorieux ! …(Amen)

### FEON'ORGA

**Mpitarika** : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

**Fiangonana** : Amen

### ANTOKO MPIHIRA

### FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA

**Mpitarika** : Velona ny Tompo, efa nitsangana tokoa Izy !

Hoy ny Tompo : Izaho no Voalohany sy Farany, dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita. Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Izay maharesy dia tsy hosimban'ny fahafatesana faharoa.

Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'ilay ankehitriny sy talaho ary ho avy ary avy amin'i Jesoa Kristy, Vavolombelona marina sy Lahimatoa amin'ny maty ary Lehiben'ny mpanjaka amin'ny tany.

### SALAMO

Nanosika ahy mafy hahalavo ahy ny fahavaloko, fa Jehovah no namonjy ahy. Jehovah no heriko sy fideràko. Fa efa famonjena ahy Izy. Ao an-dain'ny marina ny feo mihoby noho ny famonjena ; ny tanana ankavanan'I Jehovah mampiseho hery ; ny tanana ankavanan'i Jehovah dia misandratra ; ny tanana ankavanan'I Jehovah mampiseho hery. Tsy ho faty aho fa ho velona ka hitory ny asan'I Jehovah. Hidera Anao aho, fa efa namaly ahy Ianao ka efa famonjena ahy. Ny vato izay nolavin'ny mpanao trano no efa tonga fehizoro indrindra. Avy tamin'I Jehovah izany ka mahagaga eo imasontsika. Ity no andro nataon'I Jehovah ; hifaly sy ho ravoravo amin'izao isika.. Amen (Sal.118.13-17,21-24)

**Hira : 142. 1-2**

### VAVAKA FIHAONANA

Tompo Andriamanitra ô, midera Anao izahay miaraka amin'ny Fiangonanao eran'izao tontolo izao, izay miara-paly sy ravoravo noho ny fitsanganan'I Jesoa Kristy Tomponay. Aoka ho tsapanay anio amin'ny fandrenesana ny Teninao, ny hery maha- velona, ka ny fampiombonanao anay Aminao Ray sy Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina no hamohazanao anay amin'ny torimasonay sy hitsangananay hiala amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana. Noho ny Anaran'I Jesoa Tomponay. Amen.

### SITRAPON'ANDRIAMANITRA

« Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin'ny fahafatesany? Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao. » (Romana 6:3-4)

### FIAIKEN-KELOKA

**Mpitarika :** (Vavaka)

Andriamanitray ô ! Eo am-pandrenesana ny sitraponao, dia tsapanay ny halehiben'ny fahotanay. Menatra izahay fa efa nandika ny didinao masina izay mitaky aminay ny handeha amin'ny fiainam-baovao ao amin'I Kristy. Izahay anefa dia matetika miedinedina ao anatin'ny fiainana mandeha araka ny nofo. Efa nanalavitra Anao tokoa izahay, dia Ianao Ilay loharanon'aina, ka tsy mahita fahasambarana. Tompo ô ! Manetry tena eto anatrehanao izahay. Mamindrà fo aminay. Mamelà ny helokay. Dia ampiraiso amin'i Jesoa Kristy Zanakao izahay, mba ho sampana velona mahay mandeha araka ny Fanahy.

**Fiangonana :**

« Ry Rainay be Famindram-po ô, mitalaho aminao izahay ; Mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; Sasao izahay ho afa-keloka ; Ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena. »

**Hira** : Ry Andriamanitra Tompo
Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !
Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !
Ry Fanahy Masina Tomponay
Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

### TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA

**Mpitarika** :

Ry havana malala, henoy ka raiso ny teny famelan-keloka avy amin'ny Tompo : Fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam- pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika, Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika. (Rom.6.23 ; 4.25) Voavela ny helokareo noho ny anarany masina. Miderà ny Tompo.

**Hira : 138, and. 2 sy 3**

(Azonao Ny Fandresena)

**FANKALAZANA**

**Mpitarika** :Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra

**Fiangonana** : Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

**Mpitarika** : Efa namela heloka antsika Andriamanitra noho ny fahasoavany. Ankehitriny Izy dia hizara ny Teniny amintsika; noho izany, hanatona azy amin'ny fifaliana isika handre ny Teniny.

**Mpitarika** : Ho aminareo anie ny Tompo

**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao

**Hira FF6.1** (Ny Teny Jehovah Ray Mahery)

**Mpitarika :** Vavaka noho ny Teny

**VAKITENY 1** :Asan'ny Apostoly 10, 34-43

**VAKITENY 2** : Kolosiana 3, 1-4

**VAKITENY 3** : Jaona 20, 1-9

**Fiangonana :** Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara !

**Hira : FF6.4** (Soraty Re Ho Velona Ao Anaty)

**TORITENY**

**FEON'ORGA**

**FILAZAN-DRAHARAHA**

**ANTOKO MPIHIRA**

**FANEKEM-PINOANA**

**FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny fiadanan'ny Tompo. Aoka hizara ny fiadanana isika Mifampizara ny fiadanana ny fiangonana ka mifanao hoe : "ho aminao anie ny fiadanana"

**Hira FF5.1** (Izaho No Fananganana Ny Maty)

**SURSUM CORDA** (Mitsangana)

**Mpitarika :** Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

**Fiangonana :** Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo

**Mpitarika :** Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

**Fiangonana :** Mendrika ho deraina Izy

**VAVAKA FANOMBOAHANA**

**Mpitarika :** Eny tokoa Tompo o, Ray Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolotena hamonjy anay ; amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

**Hira :** Antema 1 ( Sanctus ) Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena

**TENY FANORENANA:**

**Mpitarika :** Jeso Kristy Tompontsika, tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy : "Raiso, hano, ity no Tenako Izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy." Ary toy izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana dia hoy Izy : "Misotroa amin'ity ianareo rehetra, fa ity no Ràko, dia ny amin'ny fanekena vaovao, izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro ianareo dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy..

**VAVAKA** ( Mipetraka )

**Mpitarika :** Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy Izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati- pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

**Anamnese:**

**Mpitarika :** Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany fa noho ny famindramponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny zanakao lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay..

**Epiclèse :**

**Mpitarika :** Ankehitriny Ray o, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay, ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona, amin'izao Izy manatona anay amin'ny halalan'izao fanasana izao ...

**Fiangonana :** Ry Jeso Kristy Tompo ô, izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao masina dia mangataka mba hampiraisinao aminao, ohatry ny sampana amin'ny voaloboka. Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay. Ary aoka izahay hiaramanana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana aminao. Amen.

**Hira :** 117 (Agnus Dei)

**Mpitarika :** Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika

isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe

**Fiangonana** : (Vavaka nampianarin'ny Tompo)

**FAMAKIANA NY MOFO (MITSANGANA)**

**Mpitarika** : Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny Tenan'i Jeso Kristy Tompontsika. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika.

Hoy ny Tompo : Andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

**FIZARANA MOFO SY KAPOAKA**

**Hira 141** (Efa Resy Izao Na Dia Ny Fasana Aza) **sy 254** (Avia Ry Mangetaheta O)

**FANDRAISANA**

**Mpitarika** : Hoy Jesoa Kristy Tompo : Raiso, hano ity no tenako Izay omena ho anareo. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. (vavaka mangina)

Hoy Jesoa Kristy Tompo : Sotroinareo rehetra ity, fa ity no ràko, dia ny amin'ny Fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan- keloka. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro ianareo. (vavaka mangina)

**Teny fampaherezana** (mitsangana)

**Mpitarika :** Jeso kristy Tompontsika Izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny tenany sy ny ràny izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie no hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fiainana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana.
**Fiangonana :** AMENA

**Hira 140.1,2,3** (Haleloia, Haleloia! Miderà ny Tomponao)

**Hira 266.1,2** (Ry Jesoa Tompo Hianao Isaorako Tokoa Izao)

**FILAZAN-DRAHARAHA**
(Mipetraka)

**RAKI-PISAORANA**

**Hira FF 26** (Tsy Misy Reharehako Afa-tsy Ianao Jesosy)

**FANOLORANA NY RAKITRA** : (mitsangana)

Ry Tompon'ny harena ô, fanatitra an- tsitrapo, atolotray Anao izao ; mba raiso ka tahionao. Amen.

**VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA**

**Hira 146.1,2** (Anao Ny Dera Ry Zanaky Ny Ray)

**HAFATRA SY TSODRANO**

**Hira :** 731, and. 1 sy 2 ("Enga anie ka homba anao Jeso")

**TSODRANO**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo.


**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao.

**Mpitarika** :Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo. Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo. Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana

**Fiangonana** : Amen

**Hira 146.3** (He Ravo Aho Izy No Santatra)

**Mpitarika** : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen.
Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo.
**Fiangonana** : Isaorana anie Andriamanitra




**« Un seul corps, un seul Esprit, une seule espérance »**

Izany no lohahevitra ho dinihina mandritra ny faha-13 Fivoriambe (Assemblée) Ny Fiangonana Loterana Manerantany (LWF) hatao any Cracovie (Pologne) ny faha-13 ka hatramin'ny faha-19 Septambra 2023. Manentana ny Fiangonana mambra rehetra ny LWF hanomana izany Fihaonana izany. Koa manainga antsika FPMA manontolo hitondra am-bavaka ny fihaonana ary hihevitra dieny izao ny momba izany. Indro ny rohy samihafa mikasika ilay Fivoriambe : https://2023.lwfassembly.org/fr sy https://2023.lwfassembly.org/fr/lassemblee